# NY FITAZONANA VONJY MAIKA ENY ANIVON'NY POLISY MPIKAROKA FANDIKAN-DALANA.

# TOROLALANA AMIN'NY FAMPIASANA NY REJISITRA.

apt
association pour la prévention de la torture
asociación para la prevención de la tortura
association for the prevention of torture

POLISIMPIRENENA MALAGASY
MIARO SY MANAMPY NY VAHOAKA

## REJISITRY NY GAV

Filaharana:…………………………………………
Laharan'ny antotan-taratasy sy ny sampan-draharaha :…………………………………………
Daty (andro, volana, taona) :…………………………………………

| | ANTONY | | Fanamarihana / Sonia |
|---|---|---|---|
| 1 | Sora-piankohonana | - Anarana/fanampiny na solon'anarana: …………<br>- Lahy/vavy :…………<br>- Ray :…………<br>- Reny :…………<br>- Ny mpiantoka :…………<br>- Daty sy toerana nahaterahana :…………<br>- Zom-pirenena :…………<br>- Laharana sy daty ary toerana nanaovana ny karapanondro :…………<br>- Asa :…………<br>- Adiresy :………… | |
| 2 | Anton'ny fisamborana | - Antony :…………<br>- Nampahafantarina azy ny antony ? : Eny: ……../ Tsia:…….. | |
| 3 | Ny daty sy ny ora nisehon'ny tranga fandikan-dalàna | | |
| 4 | Fisamborana | - Ora , daty, toerana nisamborana :…………<br>- Anarana sy findain'ny OPJ nanome baiko hisambotra :…………<br>- Cadre juridique :…………<br>- Anarana sy findain'ny nanao ny fisamborana:…………<br>- Sonia: | |
| 5 | Fampidirana GAV | - Daty sy ora :…………<br>- Ny mpiandry raharaha :…………<br>- N° du bon de violon …………<br>- Sonia: | |
| 6 | Fampahafantarana ny fianakaviana na olom-pantatra | - Iza no nampahafantarina: …………<br>- Lah finday :…………<br>- Oviana : …………<br>- Ahoana ny fomba nampahafantarana azy ?: …………<br>- Raha tsy nisy olona nampahafantarina, inona ny antony ? : ………… ………… | |
| 7 | Fampahafantarana ny zo / famakiana ny fampahafantarana ny zo | - Oviana :…………<br>- iza no nanao izany :…………<br>- Fomba fiteny : ………… | |
| 8 | Zo hanana mpisolovava na mpiaro | -Nanambara fa mila mpisolovava na mpiaro ilay voasambotra : Eny / Tsia :<br>- Nisy mpiaro ilay voasambotra : Eny / Tsia : Tsia<br>- Daty sy ora niantsoana ilay mpiaro: ………… Iza no niantso?:…………<br>- Daty sy ora nahatongavan'ny mpiaro:…………<br>- Niresaka manokana tamin'ny olona narovany ilay mpiaro : Eny / Tsia : Tsia<br>- Niatrika ny fakana ambavany ny mpiaro: Eny / Tsia :Tsia<br>- Raha tsia, fa nahoana?: ………… | |
| 9 | Ny toe-batana sy ny fahasalamana ara-tsaina | - Toe-pahasalamana :…………<br>- aretina ambaran'ny olona GAV : …………<br>- Fitsaboana …………<br>- Fepetra noraisina ( niantso mpitasbo, EVASAN) ?:………… | |
| 10 | Filàna manokana | - Eny / tsia :<br>- Inona : …………<br>- Fepetra noraisina: ………… | |
| 11 | Ny fitanana antsoratra ny entan'ilay GAV sy ny sampan-draharaha tompon'andraikitra | - No …………<br>- Sampan-draharaha tompon'adraikitra : ………… | |
| 12 | Famaranana ny GAV | - Raha nohalavaina, ny antony, ny faharetany, ny mpanome baiko :…………<br>…………<br>- Daty sy ora nifaranan'ny GAV:…………<br>- Navoakan'i /na araka ny baikon'i :…………<br>- Nafindra toerana araka ny baikon'i:…………<br>- Faharetan'ny GAV /na ny fitanana :…………<br>- Sonian'ny GAV :<br>- Sonian'ny OPJ : | |

# *NY FITAZONANA VONJY MAIKA ENY ANIVON'NY POLISY MPIKAROKA FANDIKAN-DALANA.*

# *TOROLALANA AMIN'NY FAMPIASANA NY REJISITRA.*

apt
association pour la prévention de la torture
asociación para la prevención de la tortura
association for the prevention of torture

# TABLE DES MATIÈRES


04 Teny mialoha
06 Fampidirana

***FIZARANA I : ZO FOTOTRA MAHAKASIKA NY FITANANA VONJY MAIKA ENY AMIN'NY POLISY MPIKAROKA FANDIKAN-DALÀNA***

10 Fisamborana : zo sy andraikitra ?;
16 Foto-dalàna : tsy fisitrahana ny zo mifandraika amin'ny fahalalahana;
18 Fitanana vonjy maika eny amin'ny polisy mpikaroka fandikan-dalàna –; famaritana sy fampiharana
20 GAV – faharetany sy fanalavana azy;
22 Ireo fitsipika tokony ampahafantarina ny olona GAV;

***FIZARANA II : TOROLALANA HO AN'NY MPAMPIASA NY REJISITRY NY FITANANA VONJY MAIKA***

29 Rejisitry ny GAV;
33 1. Sora-piankohonana;
37 2. Anton'ny fisamborana;
39 3.Ny daty sy ny ora nisehon'ny tranga fandikan-dalàna;
40 4. Fisamborana;
42 5. Fampidirana GAV;
44 6. Fampahafantarana ; ny fianakaviana na olom-pantatra ;
46 7. Fampahafantarana ny zo / famakiana ny fampahafantarana ny zo;
51 8. Zo hanana mpisolovava na mpiaro;
55 9. Ny toe-batana sy ny fahasalamana ara-tsaina;
59 10. Filàna manokana;
61 11. Ny fitanana antsoratra ny entan'ilay gav sy ny sampan-draharaha tompon'andraikitra ;
63 12. Famaranana ny gav

64 Antotan-kevitra arahana

# TENY MIALOHA

Saropady ny fotoana amin'ny fanajana ny zon'olombelona sy ny maha olona, ny ora voalohany hitanana olona eny anivon'ny mpanao famotorana. Mandritra io fotoana io, izay hisian'ny fisamborana na fiantsoana,no ahitana ny fahombiazana na tsia eo amin'ny fizotry ny fanadihadiana sy fakana ambavany. Antony : mandritra io fotoana io tokoa dia marefo eo amin'ny lafin'ny fanajana ny zony ny olona, ary eo amin'io fotona io ihany koa dia avo kokoa ny tahan'ny ambana amin'ny hitrangan'ny fampijaliana na tsy fanajana ny zon'omlombelona.

Efa mizotra any amin'ny fisorohana sy ny ady amin'izay mety endrika fampijaliana sy tsy fanajana ny zon'olombelona i Madagasikara. Miara-misalahy amin'izany ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka sy Fikambanana Misoroka ny Fampijaliana - APT nandritra ny taona maro.

Anisan'ny asa nisongadina tamin'izany ny fampiharana ny Lalàna laharana 2008-008 miady amin'ny fampijaliana sy ny fanovana ny ampahany amin'ny Fehezan-dalana momba ny paik'ady heloka tamin'ny alalan'ny Lalàna laharana 2017-013.

Ny andininy faha-4 ao amin'ny lalàna laharana 2008-008 no manambara ny adinindininy amin'ireo zo fototra amin'ny fisorohana ny fampijaliana. Ny andininy faha-5 dia milaza fa « adidin'ny manam-pahefana misahana ny fitanana olona ny mihazona rejisitra mahakasika izany, izay mirakitra ny andro, ny ora sy ny antony hanaovana ny fitanana. »

Ireo fanavaozana nentin'ny Lalàna ireo dia mitaky fihavaozana ihany koa amin'ny fanatanteraha ny asa sy ny fomba fiasa. Takiana ny fanatanterahana izany amin'ny fihetsika sy fomba fanao andavan'andron'ny mpanao famotorana. Izany indrindra ny antompisin'ity torolalana ho an'ny fampiasana ny rejisitra ity mba ahafahana manatanteraka ny fenitra takian'ny andininy faha-'4 sy faha-5 amin'ny Lalàna laharana 2008-008.

Ity torolalana ity dia hanampy ny OPJ amin'ny fanatanterahana ny andraikiny. Manampy ny mpitandro ny filaminana ho maty hanina hatrany ihany koa ity torolalana ity, mba ho tena to ny fanajana ny zon'olombelona sy ny maha-olona mandritra ny fitanana olona eny anivon'ny sampaharaha mikaroka ny fandikan-dalàna.



Ny tanjona moa dia mba hisy ny mangarahana amin'ny fampiharana ny voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny paik'ady Heloka ary mba hipetraka ny fenitra iombonana ho an'ny sampandrahara rehetra eto Madagasikara ; izany dia mba ahafahana ihany koa manatsara hatrany ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny andrimpanjakana mampihatra lalàna toy ny Polisimpirenena.

Manantena izahay fa ho fitaovana ampiasaina ho fenitra ho an'ny fanatanterahan'ny OPJ ny asany andavan'andro ity boky torolalana ity. Izahay dia resy lahatra fa dingana iray lehibe hirosoana amin'ny fametrahana fiarahamonina malagasy lovain-jafy lavitry ny fampijaliana ny fampiasan'ny OPJ araka ny tokony ho izy ity torolalana ity.

Iaraha-mahalala fa sady mampiroborobo ny fanajana ny zon'olombelona sy ny zo maha olona ny ady amin'ny fampijaliana, ary koa mametraka ny fahefam-panjakana izany.

Ndao ary hiaraka hisoroka izay mety endrika fampijaliana.

**RANDRIANARISON Fanomezantsoa**

Inspecteur Général de Police
Minisitry ny Filaminam-bahoaka

**BERNATH Barbara**

Sekretera Jeneralin'ny Association pour la Prévention de la Torture

# FAMPIDIRANA

Andraikitry ny polisy mpikaroka fandikan-dalàna ny mameno ny rejisitra mahakasika ny fitanana vonjy maika na GAV. Ireo rejisitra ireo dia anisan'ny antoka maha ara-dalàna ny fitanana vonjy maika araka ny andininy faha-4 amin'ny Lalàna 2008.008 tamin'ny 11 Jona 2008 momba ny fampijaliana sy ny fanasaziana tsy ara-drariny na fanaovana tsinontsinona ny maha-olona . Fitaovana tsy maintsy ampiasaina eny anivon'ny sampan'asan'ny polisy rehetra izay misahana famotorana ka manao fitanana vonjy maika ny rejisitra : poste de police, commissariat de police, ny sampandraharaha manao fikarohana ny fandikan-dalàna rehetra.

Ity torolalana ity dia natao ho ampiasan'ireo mpikirakira ny rejisitra sy ireo mampiasa ny fampahafahantarana ny zo fototra amin'ny fitanana vonjy maika araka ny fenitra iraisam-pirenena. Ahitana ihany koa ireo tsara ho fantatra mahakasika ny zo fototra sy ny antoka omen'ny lalàna mahakasika ny fitanana vonjy maika eto Madagasikara izy ity, araka ny voalazan'ny lalàna manankery.

Mizara roa mazava tsara ny torolalana :

1. Ny fizarana voalohany dia manome sy mamelabelatra ireo tsara ho fantatra mahakasika ny voalazan'ny lalàna manankery sy ny zo fototra miompana amin'ny fitanana vonjy maika ;
2. Ny fizarana faharoa dia mampahafantatra ny fomba fampiasana ny rejisitra, indrindra fa ireo pitsopitsony mahakasika ny angom-baovao takiana amin'ny famenoana ny rejisitra.

Ny tanjona dia mba tena ho feno araka izay takiana ny angom-baovao rehetra ato anatin'ny rejisitra.





## *FANAZAVANA MAHAKASIKA NY LOKO AMPIASAINA ATO ANATIN'NY TOROLALANA*

**Ny loko maintso :** mampahatsiahy ny takian'ny lalàna sy ny paik'ady heloka


**Ny loko volom-boasary :** mampahatsiahy ireo fanazavana ny tokony hatao

**Ny mavo :** mampahatsiahy ny andraikitry ny OPJ

Raha misy ny tsy mazava dia efa misy ireo tompon'andraikitra afaka manampy amin'ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny rejisitra.

# FIZARANA I : ZO FOTOTRA MAHAKASIKA NY FITANANA VONJY MAIKA ENY AMIN'NY POLISY MPIKAROKA FANDIKAN-DALÀNA

Miankina betsaka amin'ny fiarovana sy ny fanajana ny zon'olombelona sy ny zo maha-olon'ny olona voasambotra sy tanana eny anivon'ny sampandraharaha misahana ny fikarohana ny fandikan-dalàna , ny fahombiazan'ny fitanana olona iray.
Araka ny fantatra tokoa dia marefo tokoa ny olona iray mandritra ny fotoana hitanana azy, ary ahiana ny hitrangan'ny endrika fampijaliana samihafa.
Tsara ho fantatra anefa fa anisan'ny ahazahoana vokatra tsara mandritra ny famotorana sy ny fakàna ambavany ny fanajana izany zo fototra maha-olona izany.
Ity kisary ity no mampiseho ny dingana lalovana manomboka amin'ny fisamborana, ahafahana manaja ny zo fototra :




*ireto teboka ireto no manamafy fa tena ilaina ny fanajana ny zo fototra amin'io fotoana io


## FISAMBORANA : ZO SY ANDRAIKITRA ?

Ny tokony hatao :

Ny fitsaharan'ny fisitrahana ny zo mifandraika amin'ny fahalalahana dia manomboka eo amin'ny fotoana fisamborana.
**Ny OPJ manao fisamborana dia tsy maintsy mampahafantatra ny zony sy ny antony nisamborana azy.**

Andininy 4 : raha vao vantany misy ny fitsaharan'ny zo mifandraika amin'ny fahalalahana dia tsy maintsy mihatra avy hatrany ireo antoky ny fisitrahana ny zo fototra

- Ny zo mba ahafantatra ny antony hisamborana azy. (PIDCP and. 9(2) ; 14 (3)(a))
- Ny zo hanana mpisolovava na olona nosafidiana hanatrika ny famotorana
- Ny zo mba ho fantatry ny fianakaviana na olona akaiky ny fitanana sy ny toerana nanaovana ny fitanana
- Ny zo hozahan'ny mpitsabo raha ilaina izany
- Ny zo mba amin'ny fiteniny na fiteny azony no ampahafantarana azy ny zony
  - Tsy maintsy vakian'ny OPJ amin'ilay olona tanana ny zony
- Adidin'ny manampahefana manao ny fitanana ny mameno ny rejisitra ahitana ny daty sy ny ora ary ny antony nanaovana ny fitanana
  - Tsy maintsy mameno ny rejisitra GAV ny OPJ


IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FISAMBORANA
INDRAY MARAINA, TAO AN-TANAN-DEHIBE...
VONJEO E! LASAN'INY NY FINDAIKO!
GLOUPS...
BAMMMMM!!!
'Ndao ianao manaraka ahy...
Eny sefo a, hanaraka aho.
Mijanòna ianao! Samborina noho ny halatra ianao, manan-jo hampandre ny fianakavianao ianao amin'izao fisamborana anao izao. Manaraka ahy any amin'ny birao ianao. Any ianao afaka miantso azy ireo, ary ho fantatrao any avokoa ny zonao mandritra ny fitazonana vonjimaika anao.






REHEFA TONGA AMIN'NY KAOMISARIA ....
COMMISSARIAT DE POLICE
Hiantso ny fianakavianao ve ianao? Hitenenanao ny zava-mitranga sy izay toerana misy anao amin'izao?
Eny tompoko... Misaotra indrindra...
Afaka misitraka ny fanatrehana mpisolovava sy ho jeren'ny dokotera ianao raha ilaina izany.
REJISITRY NY GAV
Ity ny rejisitry ny GAV. Ho soratako ato avokoa ny mombamomba ny fisamborana sy fitanana anao vonjimaika ato. Aorian'izay, azonao hamarinina tsara ireo zavatra nosoratako, ary soniavinao ity antontan-taratasy ity raha toa ka marina avokoa izay voasoratra.
Euh... tsy maintsy ho soniaviko ve ity taratasy ity? Izaho mantsy tsy dia mahay mamaky teny sy manoratra....
Ilaina ny sonianao ity rejisitra ity, mba hanamafisana fa marina avokoa ireo mombamomba anao voasoratra ao ireo. Raha tsy afaka mamaky teny sy manoratra ianao, dia eto aho afaka ny hanampy anao. Ho ataontsika miaraka.


Kof!
Kof!
Kof!
Kohoka kely fotsiny izany sefo. Tsy maninona aho ka..
Hmm, angaha marary ianao? Mila mijery mpitsabo ho anao raha toa ka izay no misy an....
Zava-dehibe ny ahazoana antoka fa tsy marary ianao. Ho entiko any amin'ny mpitsabo ianao mba ho zahany.
FANAMBARÀNA Z
Alohan'ny hampidirako anao ao amin'ny efitrano hitazonana anao, dia ity misy antontan-taratasy manazava ny zo anao rehetra mandritra ny fitanana vonjimaika anao ato. 'Ndeha ho vakiantsika miaraka. Azonao tazonina ity, rehefa avy eo, mandritra ny fotoana hitanana anao ato
Ilaina ny hametrahana anao ho tànana vonjimaika aloha amin'izao, mba hanohizana ny fanadihadiana





# FOTO-DALÀNA : TSY FISITRAHANA NY ZO MIFANDRAIKA AMIN'NY FAHALALAHANA

Foto-dalàna afaka manamarina ny tsy fisitrahana ny zo mifandraika amin'ny fahalalahana

### Tratra ambody omby

- Fahatratrarana eo ampanaovana ilay fandikan-dalàna na voasambotry ny mpitadro ny filaminana ( And. 142 FDAPH na CPPM)

- Fahatratraran'ny fokonolona eo ampanaovana fandikan-dalàna ary natolotra ny mpitandro ny filaminana (And. 143 FDAPH na CPPM)

### Fisamborana efa voalamina

- olona iharan'ny didy fampisamborana (And . 100 ; 104 FDPAH na CPPM)

- olona iharan'ny baiko navoakan'ny fitsarana amin'ny alalan'ny "commission rogatoire / délégation judiciaire" (And 254, 255 FDPAH na CPPM)

- olona iharan'ny Famindram-pahefana ara-pitantanana na ny "délégation administrative"

### Fanamarinana CIN

- Ny fanamarinana dia mahakasika ny olona izay nahitana porofo na fandikan-dalàna


<u>Ny tokony hatao :</u>

Raha tsy misy ny singa manamafy ny fisian'ny fandikan-dalana dia tsy ilaina ny fisamborana. Ny tsy fisian'ny CIN dia tsy mitaky ny tsy fisitrahana ny zo mifandraika amin'ny fahalalahana.





# RAHOVIANA NY FANAMARINANA CIN NO TONGA AMIN'NY FISAMBORANA?



# FITANANA VONJY MAIKA ENY AMIN'NY POLISY MPIKAROKA FANDIKAN-DALÀNA – FAMARITANA SY FAMPIHARANA

Tsy maintsy manaraka izay voalazan'ny lalàna ny fitanana olona iray - GAV(jereo p. 16)

**TSY MAINTSY NATAO :**
Olona ilaina amin'ny fanadihadiana; Olona nahitana singa na porofo ahafahana manao ny fanenjehana
( And 136 FDPAH na CPPM )

**FOTO-DALÀNA :**
Fanadihadina mialoha *; tratra ambody omby * (And 136 FDPAH na CPPM ; commission rogatoire,*délégation judiciaire* (And 255 FDPAH na CPPM ), délégation administrative* ( And 145 FDPA na CPPM)

**VOAFETRA ARA-POTOANA** (p. 20)
Ary miankina amin'ilay olona iharany p.16)

**IZA NO AFAKA MANAO FITANANA?**
Ny OPJ ihany ( ny APJ tsy afaka mandray izany fanapahan-kevitra izany)

**FITANANA ANTSORATRA :**
Mba ahafahana manao ny fanaraha-maso dia tsy maintsy hita ao anaty rejisitra ny andinindininy mahakasika izany fitanana izany, ary koa ao anaty fitanana antsoratra na PV

Fampiharana :

Ny polisimpirenena dia tsy afaka mitàna olona iray mba ahafahana manao fikarohana lalina fotsiny ihany. Tsy maintsy misy ny antony hitanana azy, izay mifandray mivantana amin'ny maha tompon'antoka azy amin'ny fandikan-dalàna na ny fikasana hanao izany.

Fampiharana:

Afaka mandeha malalaka ny olona iray izay nanantona an-tsitrapo ny polisy mba hanampy azy amin'ny famotorana , raha tsy hoe misy ny fanapahan-kevitra hitana azy. Raha misy izany dia tsy maintsy ampahafantarina izy fa ho tanana ary lazaina aminy ihany koa ny anton'izany fitanana izany.  Tsy maintsy soratan'ny OPJ ao anaty rejisitra izany fitanana izany, ary ampahafantarina azy koa ny zony.

## GAV – FAHARETANY SY FANALAVANA AZY

Fampahatsiahivana: Ny GAV dia fitanana vonjy maika izay voafetra ara-potoana

Ny fe-potoanan'ny GAV dia manomboka **eo amin'ny fisamborana** fa tsy rehefa ampidirina ao amin'ny trano fitanana akory na rehefa tonga any amin'ny birao.

Ireo fepotoana voalaza ireo no **ela indrindra**.

FAHARETANA LAVA INDRINDRA

24 ora ihany no afaka hitanana **olona 13 ka hatramin'ny 18 taona** (And. 34-35 amin'ny Lalàna 2016-018 tamin'ny 30/06/2026)

Ny olona iray voasambotra dia **tsy azo tanana mihoatra ny 24 ora.** And. 104-105 FDPAH na CPPM

24Ora

Ny OPJ dia tsy afaka mitana olona iray **hatao famotorana** mihoatran'ny 48 ora (And. 136 FDPAH na CPPM)

48Ora

Raha tsy eo antoerana ny mpitsara tokony handray ilay raharaha dia mitombo hatrany amin'ny 72 ora izany.

72Ora

Fampiharana :

Rehefa tapitra ny fe-potoanan'ny GAV dia atolotra ny mpitsara ny olona notanana, raha tsy izany dia omena fahafahana hody izy.

## FANALAVANA NY GAV

Tsy maintsy manao fangatahana amin'ny mpitsara ny fanalavana ny GAV ny OPJ ary tsy maintsy antsoratra izany

Raha ivelan'ny faritra misy ny Fitsarana ny fonenan'ny OPJ dia afaka mangataka fanalavana ny GAV izy, 48 ora ihany farafahabetsany.

+48ora ihany

## GAV : FAHARETANA ARAKA NY HALAVIRANA

Mitombo - 1 andro /25km ary tsy mihoatra ny 12 andro ny fitanana raha toa ka miala ny toerana fiasany mahazatra ny OPJ manao ny fisamborana

12 Andro

Tsy mihoatra ny 12 andro ny fotoana hisamborana sy ny fanolorana ny olona iray eo amin'ny fampanoavana.

# IREO FITSIPIKA TOKONY AMPAHAFANTARINA NY OLONA GAV

Mba ahafahan'ny olona tanana ho GAV misitraka ny zony dia adidin'ny OPJ no mampahafantatra azy ny anton'ny fisamborana, ny singa hanenjehana azy ary ny zony ; izany dia manomboka eo amin'ny fotoanan'ny fisamborana ary mandritra ny fotoana hanatanterahana ny paik'ady heloka rehetra.

### FAMPAHAFANTARANA NY ANTON'NY FISAMBORANA SY NY SINGA HANENJEHANA AZY

Ampahafantarina ny olona GAV ny antony nisamborana azy sy ny singa hanenjehana azy (PIDCP, And. 9(2) ; 14(3)(a))

§

Fampiharana:

Ny OPJ dia mampahafantatra ny olona ho tanana ny zony sy ny antony nisamborana ary ny hitanana azy. Amin'ny fotoana hamenoana ny rejisitra dia tsy maintsy hamarinina fa fantatry ny olona tanana tokoa ireo zony rehetra, ary hamafisina izany raha ilaina .


### FAMPAHAFANTARANA NY ZONY

Ampahafantarina ny olona GAV ny zony (And. 53 FDPAH na CPPM)

§

Fampiharana:

Inona ny zo tokony ampahafantarina. Jereo ny fampahafantarana ny zo fototra.






### ZO HAHAZO FANDIKAN-TENY

Manana zo hisy mpandika teny ny olona iray tànana raha tsy mahay fiteny malagasy na frantsay izy. (And . 214 FDPAH) et PIDCP 14(3)(f)

§

Fampiharana:

Tafiditra ao anatin'izany ny fandikana ny fiteny ho an'ny olona manana fahasembanana amin'ny fahenoana sy ny fahitana

### FAMPAHAFANTARANA MARINA

Adidin'ny manampahefana no manao ny fomba rehetra mba ho amin'ny fiteny izay azon'ny rehetra ny voarakitra ao anaty rejisitra. (And. 4 amin'ny Lalàna 2008-008 tamin'ny 25/06/2008) sy PIDCP 14(3)(a); Torolalan'i Luanda, 5.

§

Fampiharana:

Andraikitry ny manampahefana no manao ny ezaka rehetra mba ho fantatra sy ho azon'ny olona tanana ny zony sy ny paik'ady heloka rehetra tokony ho fantatra. Raha ilaina dia hazavaina aminy mihitsy izany indrindra ho an'ireo olona marefo toy ny zaza tsy ampy taona, ny olona tsy mahay mamaky teny sy manoratra, ny olona tsy nahita fianarana firy ary ny olona miaina ao anatin'ny fahasembanana.

Anjaran'ny OPJ no miantoka izany fampahafantarana izany amin'ny fomba rehetra.

# FIZARANA II :

# TORO LALANA HO AN'NY MPAMPIASA NY REJISITRY NY GAV



## INONA AVY NY TOKONY HO VOARAKITRA AO ANATY REJISITRA?

Tsy maintsy voarakitra ao anaty rejisitra avokoa ny mombamomban'ny olona iray voatana alohan'ny handefasana ny antotan-taratasy any amin'ny fampanoavana na ny fandefasana azy hisitraka indray ny fahalalahany. Torak'izany ihany koa ireo fanadihadiana mahakasika ny olona rehetra na dia tsy ho tanana mikasika ny raharaha iray manokana aza izy « examen de situation ». Ankoatra izany dia anjaran'ny OPJ mpiandry raharaha no manao izany fandraiketana izany ary tohizan'izay OPJ mandimby azy izany na ny OPJ hiandraikitra ny fanohizana ny fanadihadiana.  Andraikiny ihany koa ny fanohizana izay fandraisana an-tanana rehetra mety mahakasika ilay olona voatana, ary soratany mazava ny anarany sy ny gradiny, ny andraikiny sy ny sampan-draharaha iasany.

Rehefa misy olona voasambotra ka atolotra ny sampan-draharaha iray, dia andriakitry ny OPJ ihany koa ny manoratra avy hatrany ao anaty rejisitra ny mombamomba io olona io faran'izay haingana. Anjaran'ny OPJ mpiandry raharaha no manara-maso raha tomombana tokoa izany.
Adidin'ny OPJ ihany koa ny manome alalana ny olona voatana na ny mpisolo vava azy hamaky ny voarakitra ao anaty rejisitra. Torak'izay ihany koa ireo fikambanana na sehatra rehetra miasa ao anatin'ny fiarovana ny zon'olombelona, indrindra ny vaomieram-pirenena mikasika ny zon'olombelona, izay manao fitsidihana eny anivon'ireo sampan-draharahan'ny polisim-pirenena.

## AHOANA NY FOMBA FAMENOANA NY REJISITRA?

Hanampy ny OPJ amin'ny famenoana ny rejisitry ny GAV ity torolalana ity. Toa izao ny firafitry ny rejisitra : misy takelaka iray avy isaky ny olona tanana , ahitana lohahevitra 12.  Adidin'ny OPJ no mameno ny takelaka iray ho an'ny olona iray voatana sy mameno ny antotan-kevitra takiana ao anatin'ireo lohahevitra .

Tsy maintsy vita sonian'ny OPJ sy ilay olona tanana ny lohahevitra tsirairay ary tsy maintsy voavakin'ny olona voatana izay rehetra

voarakitra ao anaty takelaka mikasika azy. Izany dia mba hanamarinana fa marina avokoa izay voarakitra ao anaty rejisitra. Raha tsy mahay manoratra moa izy dia ny lavotondrony no apetrany. Raha tsy mahay mamaky teny izy dia anjaran'ny OPJ no manao izany ho azy. Raha tsy mahazo ny teny malagasy na ny teny frantsay izy dia adidin'ny OPJ no mitady mpandika teny ho azy. Tokony ho madio tsy misy takosona na tsipitsipika ny famafana ny takelaka ho fanitsiana ny diso. Raha misy izany dia tsy maintsy manao sonia manamarina izany ny OPJ. Tsy maintsy hanaovana tatitra ny pejy rovitra na nofoanana.

Adidin'ny lehiben'ny sampan-draharaha na ny lefitra no miantoka fa tsy nisy nanalana ny takelaka tao anatin'ny rejisitra ary marina avokoa izay voalaza ao anatiny. Tsy maintsy voaisa sy voasonian'ny lehiben'ny sampan-draharaha na ny olona nomeny alàlana hanao izany ny pejy tsirairay ao anaty rejisistra.
Ny sonia ataon'ny OPJ rehefa mameno ny rejisitra dia manome lanja ny voarakitra rehetra ao anatiny mahakasika ny fandraisana an-tanana ny olona iray GAV.

Manendry olona iray tompon'andraikitra amin'ny fanaraha-maso izany ny lehiben'ny sampan-draharaha ary manaramaso ihany koa ny olona rehetra izany tanana GAV sy mifandray tsy tapaka amin'ny mpitsara izay mpiandry raharaha. Penina misy ranomainty miloko manga na mainty ihany no azo ampiasaina hamenoana ny rejisitra.

## *NY FOTOANA AHAFAHANA MAMPIASA NY REJISITRA ?*

Isan-taona no fampiasana ny rejisitra. Tokony miova isan-taona izany. Raha tapitra mialohan'ny fiafaran'ny taona anefa ny rejisitra iray dia tohizana izany. Tsy maintsy misorat ra eo amin'ny fonon'ny rejisitra ny daty nanombohan'ny fampiasana azy, ny daty nampiasana azy farany, miaraka amin'ny anaran'ny sampan-draharaha mampiasa azy.




Misy laharana sy fitomboka ary voasonian'ny tompon'andraikitra ny pejy tsirairain'ny rejisitra.

Tsy maintsy voarakitra ao anatin'io rejisitra io avokoa ny olona rehetra izay voatana GAV.
Na inona na inona antony nitanana azy.
Na hatolotra ny fampanoavana izy na omena fahafahana indray.

Tsy maintsy soratana ny daty eny amin'ny farany ambony sy ny filaharana, eo ihany koa ny laharan'ny atontan-taratasy sy ny sampan-draharaha misahana izany.
Ny daty soratana dia ny daty nanaovana ny firaiketana tao anaty rejisitra ( fa tsy ny daty nitrangan'ny fandikan-dalàna akory).

<u>Fampiharana :</u>
Tsy maintsy mazava tsara : ny daty nanaovana firaiketana, ny daty nitrangan'ny fandikan-dalàna, ny daty sy ny ora nanaovana ny fisamborana, ny daty nanaovana ny famakiana ny zo ary koa ny daty sy ora nanaovana ny fitanana ;
izay tsy tokony hitovy mihitsy.


## REJISITRY NY GAV



REJISIT
Filaharana: 93 - DPJ / SCAC / BC3
Laharan'ny antotan-taratasy sy ny sampan-draharaha : 601 / SCAC / BC3
Daty (andro, volana, taona) : 15 Oktobra 2019

| | Fanamarihana / Sonia |
|---|---|
| | |

Ny ilany havanana amin'ny rejisitra no hanaovan'ny olona GAV. Tsy afaka manao sonia ny faritra efa voasoratra izy.

Tsy afaka manao sonina amin'ny faritra mbola tsy feno ny olona GAV.


JANÉRÔ
NANDA
LOTETO
FREDERIC


FANAMARINANA NY SORA-PIANKOHONANA
Officier NY, misy zavatra tianao ho anontaniana amiko ve?
Izay indrindra, nisambotra olona izahay omaly, tsy misy taratasy milaza ny mombamomba azy teny aminy...
Tokony mbola ho soratako ao anatin'ilay rejisitry ny GAV vaovao ve izany izy?
Eny, tokony ho soratantsika ao anatin'ny rejisitra avokoa ny olona rehetra izay tazonina vonjimaika ato amintsika.
EXAMEN DE SITUATION
REJISITRY NY GAV
Ahafahantsika manao ny asantsika ao anatin'ny mangarahara ny fanaovana izany. Raha vantany vao feno ireo mombamomba ilay olona ao anaty rejisitra ireo, ka tsy misy antony tokony hitazonana azy, dia tokony alefa mandeha izy.
Misaotra anao nanome izay torohevitra izay. Ho ataoko izao dia izao ihany izany.

Soratana avokoa ny antsimpirihany ao anaty karapanondrompirenena an'ilay olona tanana GAV. Raha tsy manana CIN izy dia izay taratasy ara-panjakana any aminy no ampiasaina.

Soraty ny daty sy toerana nahaterahan'ny olona GAV. Misy fiantraikany amin'ny faharetan'ny fitanana azy ny taonan'ny olona GAV ary koa ny maha tompon'antoka azy na tsia eo anatrehan'ny lalàna

Ny olona 18 taona no tompon'antoka araka ny lalàna eo amin'ny resaka ady heloka.

Raha tsy misy ny CIN na taratsy hafa mitovy lenta amin'izany, ny kopia nahaterahana no ahafahana mizaha raha tsy ampy taona ny olona iray, na koa ny didy miraikitra ny fahaterahana, ary ny valin'ny fizahana ataon'ny dokotera « examen somatique ». Mandrapahatongan'ny fanamarinana mahakasika izay dia heverina ho toy ny tsy ampy taona hatrany ilay olona GAV.

Ny ankizy latsaky ny 13 taona dia tsy azo atao GAV. Efatra amby roampolo ora (24 ora) ihany no azo hitanana ny ankizy 13 taona no mihotra.

Andininy faha-4 sy faha- 34 amin'ny Lalàna 2016-018 tamin'ny 30 Jona 2016 mahakasika ny fandraisana an-tanana sy ny paik'ady heloka ho an'ny zaza mandika lalàna.

Fampiharana :

Raha zaza, na vehivavy na olona mizaka ny zo-pirenena vahiny na olona marefo, dia tsy maintsy fenoina ihany koa ny lohahevitra mahakasika ny filàna manokana.





# 1. SORA-PIANKOHONANA

| | |
|---|---|
| Sora-ankohonana | - Anarana/fanampiny na solon'anarana: LANNI Antsa<br>- Lahy/vavy : vavy<br>- Ray : P. I<br>- Reny : Domoina Otissa<br>- Ny mpiantoka : N/A<br>- Daty sy toerana nahaterahana : 19/11/1979 natao tao Tana<br>- Zom-pirenena : Malagasy<br>- Laharana sy daty ary toerana nanaovana ny karapanondro : 123 456 789 000 du 02/06/2019 à Tana III<br>- Asa : Mpivarotra voninkazo<br>- Adiresy : 17 Rue Printsy Ratsimamanga, Haute-Ville, Antananarivo, MG 101 |

Soraty ny zom-pirenena.
Raha vahiny ilay GAV dia tsy maintsy ampilazana ny masoivohon'ny firenena niaviany.
Mety mila mpandika teny izy raha tsy mahay fiteny malagasy na frantsay.

Fampiharana :
Araka ny zo maha-olona, ny etika sy ny mahamatihanina, ny olona rehetra voatana dia tsy maintsy raisina an-tanana ao anatin'ny fanajana sy fahaiza-manao, tsy misy fanavakavahana.
Manampy be dia be ny mpanao famotorana ny fanaovana izany fihetsika izany.

# TRANGA ISEHOAN'NY FAHAREFOANA

## INONA NY FIHETSIKA TOKONY HO ATAO?

| Tranga | | | |
|---|---|---|---|
| • Teratany vahiny ve ilay olona ? | Efa nantsoina ve ny masoivohony na ny consulat ? | Miteny sy mahazo teny malagasy na fiteny frantsay ve izy? Sa mila mpandika teny ? | Raha mpifindra monina izy, efa nantsoina ve ny "Haut Commissariat des Nations Unies pour les Réfugiés"? (ONU-HCR) |
| • Zaza tsy ampy taona ve ilay olona ? | Latsaky ny 13 taona ve ilay zaza ? Raha izay, dia tsy afaka tanana GAV izy . | Efa nantsoina ve ny ray aman-dreniny na ny mpiantoka azy ? | Raha tsy maintsy ho tanana GAV ny zaza tsy ampy taona dia tsy ampiarahana amin'ny olona efa ampy taona izy ? |
| • Vehivavy ve ilay olona ? | Tsy miaraka amin'ny lehilahy ny vehivavy tanana GAV. | Mila fanaraha-maso ara-pahasalamana ve izy sa filàna manokana amin'ny maha vehivavy azy ? | Tsy maintsy vehivavy no manao ny fisavana azy mialohan'ny hampidirana azy ao amin'ny toerana hitanana azy. |
| • Mila fitsaboana ve ilay olona ? | Nataonao ve izay ahafahany mahazo izay fitsaboana izay na ny fanohizany ny fitsaboana efa ataony? | Nanaja ny tsiambaratelon'ny fitsaboana ve ny fanatanterahana izany? | Voalaza ao anatin'ny tatitry ny fanadihadiana nataonao ve ny vokatr'izany fizahana ara-pahasalamana ny fitsaboana ilay GAV izany ? |
| • Manana fahasembanana na olana manokana ve ilay olona ? | Raha misy fahasembanana ara-tsaina ilay olona, efa nantsoinao ve ny ray aman-dreniny, ny mpiantoka azy na ny havany ? | Raha manana fahasembanana ara-batana ilay olona, noraisinao ve ny fepetra ahafahana mitana azy mifanaraka amin'izay fahasembanana | |
| •Tsy manana olana mety handratra tena na hamono tena ve ny fahitanao ilay olona ? | Noraisinao avokoa ve ny fepetra hiarovana azy sy ny fahasalamany ? | | |

**Fampiharana :**
Ny olona iray dia mety manana antony mamparefo azy. Ohatra, vehivavy teratany vahiny maratra, izay manana filàna manokana, amin'ny maha-vahiny azy, amin'ny maha-vehivavy azy, ary amin'ny maha-marary azy. Tsy maintsy zahana izany ny ahafahana mandray antanana miaraka ireo singa rehetra ireo. Ohatra, mila vehivavy mandray an-tanana azy, hitondra azy any amin'ny dokotera, ary mila mpandika teny ihany koa izy.

1

SORA-PIANKOHONANA





## 2. ANTON'NY FISAMBORANA

| | |
|---|---|
| ...y fisamborana | - Antony :..Sintomahery finday..................................... |
| | - Nampahafantarina azy ny antony ? : Eny: ..Eny../ Tsia |

Tsy maintsy voarakitra anaty rejistra ny anton'ny fisamborana

Fampiharana :
Ny antony nahatonga ny fisamborana no soratana. Izany hoe, io tranga io no nahatonga io olona io nosamborina?

Tsy maintsy mampahafantatra ny olona GAV ny antony nisamborana sy hitanana azy ny OPJ.

Rehefa tanteraka izany fampahafantarana izany vao afaka manamarika ny hoe ENY ao anaty rejisitra ny OPJ. Amin'ny fiteny azon'ilay olona GAV no hanatanterahana izany fampahafantarana izany.





## 3.NY DATY SY NY ORA NISEHOAN'NY TRANGA FANDIKAN-DALÀNA

| Ny daty sy ny ora nisehon'ny tranga fandikan-dalàna | |
|---|---|

Tokony ny daty sy ny ora ary ny toerana izay nisehon'ny tranga mifandraika amin'ilay fandikan-dalàna

Soraty ny daty sy ny toerana ary ny ora nanaovana ny fisamborana.

Manomboka eo amin'ny fisamborana ny GAV fa tsy manomboka amin'ny fahatongavana eny amin'ny birao na amin'ny fotoana hampidirana ilay olona ao anatin'ny efitra hitanana azy.

<u>Fampiharana</u> :

Zava-dehibe ny fametrahana ny ora marina nanaovana ny fisamborana, satria io ora io no manamarika ny fiatombohan'ny GAV, ary ahafahana mikajy ny faharetan'ny fitanana olona iray.
Ny fotoana ahafahana mitana olona dia miankina amin'ny trangan-javatra maromaro voalaza ao amin'ny fizarana 1 pejy faha 20 eto ambony.





# 4. FISAMBORANA

| | |
|---|---|
| Fisamborana | Ora , daty, toerana nisamborana :05 septambra 2020, tamin'ny 10:30, Pavillons Analakely (sampanan-dalana Lalana<br>- Anarana sy findain'ny OPJ nanome baiko hisambotra :...IPPCE Thomson 023422363.........<br>Cadre juridique :....Flagrant délit..........<br>- Anarana sy findain'ny nanao ny fisamborana:...BCP Macaron 02342234324.........<br>- Sonia: |

Ireto no fehezan-dalàna mahakasika ny GAV :
• **Sava ranonando** na "Préliminaire" sy **tratra ambody omby** na flagrant délit ( And 136 FDPAH);
• **Famindram-pahefana ara-pitsarana** na "commission rogatoire" na koa "délégation judiciaire" ( And 225 FDPAH),
• **Famindram-pahefana ara-pitantanana** na "délégation administrative" ( And 145 FDPAH)










## 5. FAMPIDIRANA GAV

**Fampidirana GAV**
- Daty sy ora : 5 septambra 2020, amin'ny 11:30
- Ny mpiandry raharaha : IPPCE Delarue
- N° du bon de violon 3445 BC3
- Sonia:

Soraty ny daty sy ny ora marina nampidirana GAV

Mety tsy hitovy amin'ny fotoana nanaovana ny fisamborana

Fampiharana :
Tokony ho voarakitra ihany koa ny ora nampidirana ilay olona ao an'efitra fitanana GAV. Tsy tena ilaina eo amin'ny resaka paik'ady heloka izy io fa tsara ho marihina mba ahafahana manaramaso ny fizotry ny GAV. Ny fotoana na ny ora nanaovana ny fisamborana ihany no niatombohan'ny ora nitanana azy .

Tsara ny manamarika ny anaran'ilay mpiandry raharaha, ny soniany ary ny nanoratana ny fandraisana ho GAV mba hisian'ny mangarahara ary hanamafisana ny fandraisana andraikitra sy ny maha matihanina ny polisimpirenena.

Sonian'ilay mpiandry raharaha

Natokana handraketana ny antotan-kevitra mahakasika ny olona nampahafantarina sy ny fomba nanatanterahana izany ity faritra ao anaty rejisitra ity. Soraty ny anaran'ilay olona sy ny rohim-pihavanany amin'ilay GAV. Aza atao hoe « havany » na « reniny » fa mila soratana mazava ny anarany.

Fampiharana :

Raha tsy tratra antso ilay olona voalohany nasain'ny GAV antsoina dia tsy mionona amin'izay. Takio aminy mihitsy ny hiantsoana olona faharoa na fahatelo mba hisy ahafantatra ny fitanana azy sy ny toerana misy azy.

Raha tsy misy olona fantatr'ilay GAV, ny OPJ afaka manolotra fikambanana na olona miasa an-tsitrapo hanatanteraka izany. Ho an'ny tranga sasantsasany dia afaka antsoina ny fikambanana iraisam-pirenena miaro ny zon'olombelona toy ny UNHCR.

Manana zo tahaka izany koa ny olona GAV nafindra toerana hitanana azy.

Ho an'ny teratany vahiny dia tsy maintsy ampahafantarina ny masoivohon'ny firenena niaviany na ny fikambanana iraisam-pirenena afaka hiaro azy.

Araka ny andininy faha-4 amin'ny Lalàna 2008-008 tamin'ny 25/06/2008. : manana zo ny olona izay tanana vonjimaika na GAV mba ahafantatra ny toerana hitanana azy ny fianakaviany na izay olona tokony ahafantatra izany.

Manana zo hiantso ny fianakaviana na namana na koa izay olona tiany hampahafantarana ny fitanana azy sy ny toerana hitanana azy ary ny antony hitanana azy ny olona GAV mialohan'izany fitanana izany.

Io zo fahampahafantarana io dia sitrahana vao miandoha ny fitanana , izany hoe mandritra ny fisamborana na ny fandefasana ny olona GAV any amin'ny toerana hitanana azy.





# 6. FAMPAHAFANTARANA NY FIANAKAVIANA NA OLOM-PANTATRA

**Fampahafantarana ny fianakaviana na olom-pantatra**

- Iza no nampahafantarina: *Jacques LANNII, vady*
- Lah finday : *3735139973*
- Oviana : *5 septambra 2020, tamin,ny 11:15*
- Ahoana ny fomba nampahafantarana azy ?: *antso antariby*
- Raha tsy nisy olona nampahafantarina, inona ny antony ? : *N/A*

Eto no soratana izay rehetra mety ho antony tsy nahatratra antso ny olona tokony nampahafantarina.

Raha mifandraika amin'ny fiarovana ny tsiambaratelon'ny fanadihadiana izany dia tokony atao araka ny rariny sy ny hitsiny.

Fampiharana :

Ny tsara indrindra dia ilay olona GAV no miantso izay havany na olona tiany ahafantatra ny fitanana azy. Noho ny antony maro samihafa, raha tsy maintsy ny OPJ no manao izany, dia tokony eo imason'ilay GAV izy no miantso. Misy tranga tokoa tsy maintsy ny OPJ no manao ny fampahafantarana ka tsy maitsy ampahafantariny, ny fitanana, ny anton'ny fitanana ary ny toerana hitanana ilay GAV. Tsara ampahafantarina ihany koa fa afaka manana mpisolo vava, afaka zahan'ny dokotera raha ilaina izany ary ampahafantarina azy ihany koa ny faharetan'ny fotoana hitazonana azy.

Soraty ny daty sy ny ora marina nanaovana ny fampahafantarana :
Tsy ampy ny hoe «  nialohan'ny fisamborana » na « tao aorian'ny fisamborana » na koa hoe "nialohan'ny fakana ambavany".

Tsy maintsy ampahafantarina ny olona GAV ny zony amin'ny fiteniny na ny fiteny azony. Amin'ny alalan'ny famakiana ny zony izany. Omena dika mitovy amin'ilay fampahafantarana ny zony ny olona GAV ary afaka mamerina mamaky izany sy mametraka fanontaniana raha misy zavatra tsy mazava aminy.

Anjaran'ny tompon'andraikitra no mandray ny fepetra rehetra mba ho tena tanteraka tokoa io fampahafantarana zo io.Tafiditra ao anatin'izany ny fomba fanazavana izany araka ny taona, ny fiteny, ny toe-batan'ilay GAV, raha toa ohatra ka olona miaina ao anatin'ny fahasembanana izy. Eo ihany koa ny fari-pahaizany sy izay mety tsy fahafahany mamaky teny sy manoratra.

Tokony hifanaraka amin'ny isan'ny pejin'ny rejisitra ampiasaina ny isan'ny fanambarana zo nampiasaina.





# 7. FAMPAHAFANTARANA NY ZO / FAMAKIANA NY FAMPAHAFANTARANA NY ZO

| | |
|---|---|
| **Fampahafantarana ny zo / famakiana ny fampahafantarana ny zo** | - Oviana : *5 septambra 2020, tamin'ny 11:40*<br>- iza no nanao izany : *IPPCE Delarue*<br>- Fomba fiteny : *Malagasy* |

Soraty ny fomba fiteny ary mariho raha misy mpandika teny

Fampiharana :

Raha tsy mahay teny malagasy na fiteny fratsay ilay GAV dia adidin'ny OPJ no mitady mpandika teny ho azy. Tafiditra ao anatin'izany ny dika teny ho an'ny jamba sy ny moana marenina.

Rehefa azony ny voarakitra sy voalaza rehetra momba ny zony, izay vao manao sonia ilay GAV.


FISAMBORANA TERA-TANY VAHINY
Miteny malagasy ve ianao?
Tsy malagasy... Tsy frantsay....
PASIPAORO
Manana Pasipaoro ve ianao?
Eny... Inty...
PASSEPORT
CONSULAT (POUR LES AFFAIRES CONCERNANT LES ÉTRANGERS)
INDE - 234567
-012
-6789
Salama tompoko, Consulat an'i Inde ve?
COMMISSARIAT DE POLICE
.... Officier José no miantso. Misy tera-tany Indiana iray nosamborin'ny Polisy androany, ka tanana vonjimaika ato aminay...




20 min taty aoriana...
Salama tompoko, Kareema avy ao amin'ny consulat ihany.
Salama tompoko, Izaho kosa no José. Ho azavaiko aminao ambangovangony ireo dingana izay ho arahina alohan'ny hanohizantsika azy.
CONSULAT
Ity ny rejisitry ny GAV
REJISITRY NY GAV
FANAMBARÀNA ZO
Ary ity kosa ny fanambarana zo omena ireo olona nosamborina
Ho raisiko antsoratra ao anatin'io rejisitra io avokoa ny mombamomba ilay olona voatana vonjimaika, ary ho azavaina azy ireo zo voalaza ao anatin'ity fanambarana ity. Mila ny fanampianao aho mba handika teny ary mba hanoro azy mandritra ireo dingana ireo. Afaka manomboka amin'izay ve isika?








# 8. ZO HANANA MPISOLOVAVA NA MPIARO

| | |
|---|---|
| anana mpisolovava na mpiaro | -Nanambara fa mila mpisolovava na mpiaro ilay voasambotra : Eny / Tsia : *ENY*<br>- Nisy mpiaro ilay voasambotra : Eny / Tsia : *TSIA*<br>- Daty sy ora niantsoana ilay mpiaro: ................................ Iza no niantso?:............................<br>- Daty sy ora nahatongavan'ny mpiaro:..........................................................................................<br>- Niresaka manokana tamin'ny olona narovany ilay mpiaro : Eny / Tsia : *TSIA*<br>- Niatrika ny fakana ambavany ny mpiaro: Eny / Tsia : *TSIA*<br>- Raha tsia, fa nahoana?: *Mila mpisolo vava ilay GAV fa saingy tsy nisy ny hoenti-manana* |

Raha tsy misy mpiaro na mpisolo vava manatrika ilay GAV, dia tsara ny hanamarihana mazava tsara ny antony nahatonga izany.

Torak'izany koa raha ilay GAV mihitsy no tsy te-hisitraka ny zony hanana mpisolo vava na mpiaro, ary lazaina mazava ny anton'izany.

Fanamarihana :

Tsara ny manamarika fa tsy midika fibabohana heloka akory ny fangalana mpisolovava na mpiaro.

Tokony mahafantatra ny zony hanana mpiaro avy hatrany ny olona tanana. Anjaran'ny tompon'andraikitra ny manamora izany fampahafantarana izany amin'ny alalan'ny fitaovan-tserasera rehetra eo ampelatanany.

Ny zaza tsy ampy taona tanana dia tsy maintsy misy manatrika, ary maimaipoana izany. Torak'izany ihany koa ireo olona miaina ao anatin'ny fahasembanana ara-tsaina.

Manana zo hanana mpiaro ny olona GAV. Misitraka izany avokoa ny olona rehetra ***voatohitohina ny fahalalahany***, na inona andraikiny, na inona toerana misy azy. Tsy tokony ny olona voarohirohy ihany no hisitraka ny zo hanana mpiaro.

8 ZO HANANA MPISOLOVAVA NA MPIARO

# ZO HANANA MPISOLOVAVA NA OLONA NOSAFIDIANA MANOKANA HIARO

Fampiharana :

Na dia vitsy aza ny mpisolo vava eo amin'ny toerana na faritra iray, ny OPJ dia tsy maintsy manana ny lisitr'izy ireo izy, mba ahafan'ireo GAV miantso raha ilainy izany. Na izany na tsy izany dia adidin'ny OPJ hatrany ny mampahafantatra ny olona GAV ny zony hanana mpisolovava na mpiaro.
Raha maniry ny hanana mpisolovava na mpiaro ny olona GAV, dia adidin'ny OPJ no miantso izany faran'izay haingana indrindra.
Raha mila mpisolo vava izy, nefa tsy manana ny hoenti-manana ny amin'izany, dia manana zo izy omena mpisolovava maimaipoana.
Tsiambaratelo avokoa ny resaka ary tokony ho malalaka ny fanatanterahana izany.

### ZO HANANA MPISOLO VAVA NA OLONA NOSAFIDIANY MANOKANA

Andininy faha- 4 amin'ny Lalàna 2008-008 tamin'ny 25/06/2008

Vantany vao mihatra ny fitanana olona iray, dia tokony mihatra avy hatrany ireo zo rehetra ho an'ny olona GAV, indrindra fa ny zo hanana mpisolo vava na olona nosafidiany manokana hiaro azy.

### ADIDY AMPAHAFANTATRA NY OLONA TANANA NY ZONY HANANA MPISOLO VAVA

Andininy 53 andl 1 FDPAH amin' ny Lalàna 2017-013 tamin'ny 07/08/2017

Mandritra ny fotoana hakana ambavany ny olona ahiahina ho nanao heloka bevava na heloka tsotra, ny OPJ dia tsy maintsy mampahafantatra azy ny zony hanana mpisolovava na olona tsotra nosafidiany manokana araka ny voalazan'ny lalàna manankery.

### FOTOANA AFAKA HIANDRASANA

Andininy faha 53 andalana.8 (FDPAH) amin'ny Lalàna 2017-013 tamin'ny 07.08.2017

Tsy afaka manomboka ny fakana ambavany raha tsy tonga ny mpisolovava azy raha efa nilaza mazava ny mpisolovava fa hanatrika izany. Maharitra ora 3 ny fotoana hiandrasana ny mpisolovava, araka ny ora voalaza ao anatin'ny taratasy fiantsoana na ny fisamborana. Rehefa tapitra io fepotoana io dia afaka manomboka ny fakana ambavany ny OPJ ary mandritra ny ora fiasana no hanombohana izany.

### ZO HIRESAKA AMIN'NY MPISOLO VAVA MIALOHAN'NY FANOMBOHAN'NY FAKANA AMBAVANY

Andininy.53 andl.12 (vaovao) amin'ny Lalana 2017-013 tamin'ny 07.08.2017

Tsy maintsy misitraka ny zony hiresaka manokana amin'ny mpisolovava azy mialohan'ny hakana ambavany azy ny olona GAV izay tsy mihoatra ny 30 minitra izany.

### ZON'NY MPISOLOVAVA NA NY MPIARO MANDRITRA NY FAKANA AMBAVANY

Andininy 55 FDPAH na CPPM

Ny olona ahiahiana GAV na tsia dia tsy afaka alaina ambavany, raha tsy hoe manome alalana malalaka izy na ihany koa raha tsy eo anatrehan'ny mpisolovava na mpiaro azy.

Ny olona GAV rehetra dia tokony mahazo fitsaboana :
- raha mangataka fizahana izy
- na koa efa hita mazava fa tsy salama na maratra

Soraty eto ny toe-pahasalaman'ilay GAV.
Soraty avokoa na ireo ratra faran'izay madinika indrindra hitanao

Fampiharana :
Raha misy olona GAV na olona mahafantatra azy mitaraina fa nisy ny fikasihan-tanana na fihetsika tsy mendrika na fampiasana hery diso tafahoatra dia tsy maintsy miantso tompon'andraikitry ny fahasalamana faran'izay haingana.
Tsy maintsy anontaniana ny vehivavy GAV raha mila kojakoja ilain'ny vehivavy amin'ny fahadiovany izy.

Soraty ihany koa ny toe-pahasalamany raha milaza izany izy. Anontanio azy raha misy zavatra hafa tiany ambara, ary soraty

Fampiharana :
Raha mihinana fanafody ilay olona GAV na manaraka fitsaboana, anjaran'ny OPJ no mitazona ny fanafody sy mandray ny fepetra rehetra ary miantoka ny fahafahany mihinana izany amin'ny fotoana tokony hinana izany .

Azon'ny OPJ atao ny mangataka any amin'ny fianakaviana ny taratasim-panafody ary eo anatrehan'izy ireo no mihinana izany ilay olona GAV. Takiana ny maha matihanina ny polisimpirenena satria tokony hijanona ho tsiambaratelo ny mahakasika ny toe-pahasalaman'ny olona GAV.





# 9. NY TOE-BATANA SY NY FAHASALAMANA ARA-TSAINA

| | |
|---|---|
| Ny toe-batana sy ny fahasalamana ara-tsaina | Toe-pahasalamana : *Marary*<br>aretina ambaran'ny olona GAV : *Folaka tanana*<br>Fitsaboana *fitsaboana ratra*<br>Fepetra noraisina ( niantso mpitasbo, EVASAN) ?: *Mihinana fanafody araka ny toromariky ny dokotera* |

Raha misy mangataka fitsaboana, dia soraty eto izay fepetra rehetra noraisinao momba izany.

Anontanio ilay GAV raha manaraka fitsaboana izy, anontanio ihany koa raha misy fanafody ohaniny.

Fampiharana:

Mijanona ho tsiambaratelo ny fizahana ara-pahasalamana rehetra ary tsy maintsy olon'ny tontolon'ny fitsaboana no manatanteraka izany.

Raha tsy misy ny mpitsabo hijery haingana ilay olona GAV, afaka atao tsara ny miantso olona avy ao anatin'ny sehatry ny fitsaboana mba hanatanteraka ny fizahana, mpitsabo mpanampy na infirmier ohatra.

Adidin'ny tompon'andraikitra no mijery izay mpitsabo afaka hizaha ny olona GAV iray izany hoe mety manana mpitsabo manokana izy nefa koa mety mila mpitsabo manana fahalalana mifanaraka amin'ny soritr'aretina.

9 NY TOE-BATANA SY NY FAHASALAMANA ARA-TSAINA

# ZO AMIN'NY FIZAHANA ARA-PAHASALAMANA

**ANJARAN'NY OPJ NO MAHITA RAHA ILAINA NY FIZAHANA ARY MANAMORA IZANY IZY**

Andininy faha-13 amin'ny (Lalàna n° 97-036 tamin'ny 30.10.97

Vao miandoha ny GAV dia afaka mangataka fizahana ara-pahasalamana ho an'ilay olona ho tanana ny OPJ manao ny fanadihadiana

Fampiharana:

Raha vao hitan'ny OPJ fa misy ratra, na mangana, na misy rà mandeha amin'ny olona ho tanana GAV, na koa somary marisariasa izy, adidiny no miantso mpitsabo avy hatrany.

**ZO HO ZAHAN'NY MPITSABO**

Andininy faha- 4 amin'ny Lalàna 2008-008 tamin'ny 11/06/2008

Raha vao ho tanana GAV ny olona iray, dia mihatra avy hatrany ireo zo rehetra ananany toy ny : [...]
Zo ho zahan'ny mpitsabo

**AFAKA MANGATAKA FIZAHAN'NY DOKOTERA IHANY KOA ILAY GAV NA NY MPIARO AZY**

Andininy faha. 138 bis FDPAH na CPPM

Ny tonia mpampanoa lalàna na izay mpitsara misolo azy dia afaka avy hatrany manendry mpitsabo hizaha ilay olona GAV, ny mpiaro azy na ny fianakaviany ihany koa dia afaka manao fangatahana amin'ny mpampanoa lalàna mahakasika izany

Fampiharana:

Raha hitan'ny OPJ fa marisarisa ilay olona GAV, na milaza izy fa mihinana fanafody saingy tsy any aminy izany, na koa mangataka ho zahan'ny Mpitsabo izy, dia adidin'ny OPJ no mandamina ny fanatanterahana an'izany.

Tsiambaratelo ny toe-pahasalaman'ny olona iray ary tsy manana zo hiditra lalina amin'ny tena aretina mahazo azy ny OPJ. Noho izany, ilainy fizahana ara-pahasalamana.

Fampiharana:

Raha ilaina ny fampidirana hopitaly ilay olona GAV dia tsy maintsy ampahafantarin'ny OPJ ny fianakaviany izany sy ny toerana handefasana azy.

Mariho ny ENY, raha misy filàna manokana ho an'ilay olona GAV.

<u>Fampiharana</u> :

Ireto avy ireo karazan'olona izay voakasik'ity filàna manokana ity :
- olona sady tsy miteny malagasy no tsy miteny frantsay (mety tsy mahay mamaky teny sy manoratra ihany koa)
- olona miaina ao anatin'ny fahasembanana
- ny zaza tsy ampy taona
- ny vehivavy mitondra vohoka,
- ireo olona manana fomba manokana miankina amin'ny foko na finoana misy azy
- na ireo rehetra hitan'ny OPJ fa tokony omena filàna manokana.

Mariho izany antsipirihany mahakasika izany filàna izany.

Fantaro fa ilaina ny fahalalana izany filàna manokana izany mba hirindra tsara ny fanadihadiana.

<u>Fampiharana :</u>

Mila marihana tsara amin'ny antsipirihany avokoa ny mahakasika ny filàna manokana mba ahafahan'ny polisy miandry rahararaha mahafantatra ny zava-misy. Izany dia mba ahafahany mandray ny fepetra mifanaraka amin'ilay filàna. Na ny zavatra heverinao faran'izay madinika indrindra aza dia tokony ho marihina foana. Aleo manana angombaovao maro toa izay ilay noheverina ho bitika no hitondra olana amin'ny fitanana ilay olona GAV.

**Takiana ny hanoratana ny filana manokana na dia tsy mbola ilana fandraisana fepetra eo noho eo aza izany, na koa tsy tafiditra amin'ny andraikitrao ny fepetra tokony ho raisina mifanaraka amin'izany.**

Tokony ho tsapan'ny OPJ fa hanamora ny fanadiahadiana ny fandraisana izany filàna manokana izany. Mizotra mankany amin'ny fametrahana fifampitokisana amin'ny mpanao fanadihadiana sy ilay olona GAV izany satria mahatsiaro tena ho voaharo izy rehefa misitraka ny zony.





# 10. FILÀNA MANOKANA

| | |
|---|---|
| **Filàna manokana** | Eny / tsia : *ENY*<br>Inona : *Folaka tanana*<br>Fepetra noraisina: *Mihinana fanafody in-2 isan'andro* |

Mariho ireo antsipirihany amin'ny filàna manokana mba ahafahana maka fepetra mahakasika izany.

<u>Fampiharana:</u>

Ireto misy ohatra mahakasika izany ka tokony ho marihina tsara :
- Raha zaza tsy ampy taona : ilaina atsoina ny mpiantoka azy – tokony hosarahana toerana amin'ny olona ampy taona izy.

- Raha tsy mahay fiteny malagasy na frantsay izy dia ilaina antsoina mpandika teny.
Raha teratany vahiny dia ilaina ampahafantarina ny masoivohony eto antoerana na izay masoivoho misahana azy.

- Raha olona marefo izy dia ilaina atokana tsy miaraka amin'ny olon-drehetra ka mariho ny antony nandraisana izany fepetra izany.

- Raha olona manao fihetsika hamono tena na mandratra ny tenany , mariho ny fepetra noraisina mba ahafahana miaro azy.








## 11. NY FITANANA ANTSORATRA NY ENTAN'ILAY GAV SY NY SAMPAN-DRAHARAHA TOMPON'ANDRAIKITRA

| | |
|---|---|
| Ny fitanana antsoratra ny entan'ilay GAV sy ny sampan-draharaha tompon'andraikitra | - No tsy nisy entan'ilay GAV<br>- Sampan-draharaha tompon'adraikitra : Brigade criminelle, 3e section |

Raha ilaina ny fihazonana ny entan'ny olona iray GAV dia tokony hisy ny fitanana antsoratra momba izany ary marihana mazava tsara ny sampan-draharaha tompon'andraikitra.

Fampiharana:

Ny fanapahan-kevitra hihazonana ny entan'ny olona GAV iray dia mifandraika amin'ny fiarovana azy mandritra ny GAV na mety hampidi-doza ny hafa.

Raha maromaro ny zavatra ho hazonina, dia tokony misy laharana isaky ny entana tsirairay – marihina mazava ihany koa ny isany. Izany dia mba tsy hisian'ny ahiahy eo amin'ilay GAV sy ny polisimpirenena, ary hialana amin'izay mety ho fifanolanana.

Tsy voatery hatao ny fisavana ny olona GAV tsirairay. Ny tenany ihany no asaina mamoaka ireo entana izay mety ho hazonina na tsia. Raha hita kosa anefa fa mampiahiahy ilay olona dia tsy maintsy atao araka ny fenitra ny fisavana izany hoe amin'ny toerana manokana; ny lehilahy misava lehilahy, ny vehivavy kosa misava ny vehivavy.

Amin'ny ankapobeny dia ho fiarovana ny olona GAV sy ny olona miaraka tanana aminy ary ny polisimpirenena manao fanadihadiana ny fanaovana fisavana sao dia misy zava-maranitra ohatra any aminy.

Raha misy zavatra sarobidy na lelavola any amin'ilay GAV, ny tsara indrindra dia ny manome izany ny fianakaviana, raha manaiky izany ilay olona GAV.

Marihina tsara ny antony araka ny voalazan'ny lalàna ny antony nandraisana ny fanalavana ny faharetan'ny fitanana. Izany dia tsy maintsy ireo antony voalaza ao amin'ny Pejy faha 20 etsy ambony raha toa ka tsy eo antoerana ny mpitsara – na ivelan'ny faritra misy ny fitsarana ny toeram-piasan'ny OPJ.

Fampiharana :

Na dia tsy mateti-pitranga aza dia ity rejisitra ity no ahafantarana mazava ny antony nitanana olona iray mihoatran'ny 48 ora. ( zahao ny takelaka faha 20 miresaka ny faharetan'ny GAV).





# 12 - FAMARANANA NY GAV

| | |
|---|---|
| Famaranana ny GAV | Raha nohalavaina, ny antony, ny faharetany, ny mpanome baiko : *Nohalavaina 48 ora araka ny baikon'i juge Zubir. No. PRT 19. 7/9/2020. Mivoaka ny faritra misy ny fitsarana ny toerampisan'ny OPJ*<br>Daty sy ora nifaranan'ny GAV: *9/9/2020 tamin'ny 9ora*<br>- Navoakan'i /na araka ny baikon'i : *M. Tsiranana chef de la brigade criminelle*<br>- Nafindra toerana araka ny baikon'i: *Navotsotra ny 9 septembra*<br>Faharetan'ny GAV /na ny fitanana : *95 ora : 48 ora +47ora*<br>- Sonian'ny GAV :<br>- Sonian'ny OPJ : |

Mariho ny faharetan'ny fitanana, manomboka teo amin'ny fisamborana ka hatramin'ny fotoana nanomezana fahalalahana.

Mariho mazava ny daty sy ny ora

Rehefa mifarana ny GAV :

(1a) Omena fahalalahana ilay olona GAV satria tsy ampy ny singa ahafahana manenjika azy ohatra ;

(1b) LP mandra-piandry ny fotoam-pitsarana satria tsy ahiana ny tahan'ny fitsoahana na ny famerenan-keloka ;

(2) MD, mandra-piandry ny fotoam-pitsarana.

# ANTOTAN-KEVITRA NALAINA TAO AMIN'NY :

## FIFANARAHANA IRAISAM-PIRENENA

- Fifanekena iraisam-pirenena momba ny zo sivily sy ara-politika, (PIDCP), A/RES/2200A (XXI), 1966, nankatoavina ny taona 1979

-Fifanarahana miady amin'ny fampijaliana sy ny sazy hafa na fampiharana habibiana, manitsaka ny maha-olona na manambany ny maha-olona, (UNCAT), A/RES/39/46, 1984, nankatoavina ny taona 1993

-Fifanarahana momba ny zon'ny ankizy, (UNCRC), A/RES/44/25, 1989, nankatoavina ny taona 1993

- Fifanarahana momba ny zon'ny olona miaina ao anatin'ny fahasembanana (CRPD), A/RES/61/106, 2006, nankatoavina ny taona 2009

-Fifanarahana momba ny fanafoanana ny endrika fanavakavahana rehetra atao amin'ny vehivavy, (CEDAW), A/RES/34/180, 1979, nankatoavina ny taona 1993

- Fifanarahana iraisam-pirenena momba ny fiarovana ny olona rehetra amin'ny fampanjavonana an-terisetra, (UNCED), A/RES/61/177,2007, nankataoavina ny taona 2013

-Fifanarahana fanampiny amin'ny fifanarahana miady amin'ny fampijaliana sy ny sazy hafa na fampiharana habibiana, manitsaka ny maha-olona na manambany ny maha-olona (OPCAT), A/RES/57/199, 2006, nankatoavina ny taona 2014

## FITSIPIKA SY TOROMARIKA

- Fitambaran'ny fitsipiky ny fiarovana ny olona iharan'ny endrika fitazonana rehetra na fitazonana amponja, A/RES/43/173, 09 Desambra 1988

-Fanapahan-kevitra momba ny torolalana sy fepetra ho an'ny fandrarana sy fisorohana ny fampijaliana sy ny sazy hafa na fampiharana habibiana, tsy maha-olona na manambany ny mahaolona) - Toromarik'i Robben Island, natonta fanindroany, 2008

-Toromarika sy fitsipika momba ny zo hahazo fitsarana marina ary mpanampy ara-dalàna aty Afrika, Vaomiera Afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka, 2003

-Torolalàna momba ny fepetra fisamborana, ny fitazonan'ny mpitandro filaminana ary ny fitanana eny anivon'ny mpanao famotorana aty Afrika – Toromarika any Luanda- Vaomiera Afrikanina momba ny zon'olombelona sy ny vahoaka, 2014

-Fitambaran'ny fitsipika tsy maintsy ilaina indrindra an'ny firenena mikambana amin'ny fitondrana ny gadra, Fitsipik'i Nelson Mandela, A/RES/70/175, 17 Desambra 2015.



Navoakan'ny fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana ny volana Febroary 2021
Izay mila dika mitovy na fanampim-panazavana
Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana
Centre Jean-Jacques Gautier
10 route de Ferney, Genève, CH-1211
apt@apt.ch · www.apt.ch

Ny fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana dia vondrona mahaleotena ary tsy miankina amin'ny fanjakana. Any Genève no foiben-toerana misy azy.
Nanomboka ny taona 1977, dia miasa ho an'ny fisorohana ny fampijaliana isan-karazany maneran-tany ny fikambanana.
Ny fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana dia vondrona anisan'ny mpitarika eo amin'ny sehatra misy azy ; ny fahaizany sy ny torohevitra omeny dia tadiavin'ny vondrona iraisam-pirenena, ny fanjakana, sy ny fikambanana misehatra eo amin'ny zon'olombelona.
Ny fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana dia mitana toerana lehibe tamin'ny fametrahana fenitra ary fomba fiasa iraisam-pirenena sy iraisam-paritra eo am'ny sehatry ny fisorohana ny fampijaliana. Anisan'izany ny Fifanarahan'ny Firenena mikambana, tsy an-tery, miady amin'ny fampijaliana.
Afaka misoroka ny fampijaliana isika raha miasa miaraka.

©2021, Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana. Zo rehetra voatokana. Ny votoatin'ity boky ity dia azo tononina na averina an-tsoaratra raha toa ka marihana ny loharano nahazoana azy.
Ny fangatahana fahazoan-dalana hamerina sy/na handika ity boky ity dia halefa amin'ny fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana.
Novolavolain'i : Nadine Kessler www.nadinekessler.com
Haisary : Ben Buckland pour l'APT www.benbuckland.photo
Sary : Shazeera Zawawi pour l'APT www.shazeeraaz.onfabrik.com
Natontan'ny L'imprimerie Villière www.imprimerie-villiere.com

Fisaorana

Ity torolalana ity dia nosoratan'i Ben Buckland, mpanolotsaina fototra eo anivon'ny Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana, sy Alexis Comninos mpanolotsaina amin'ny Lalàna, niaraka tamin'ny fiaraha-miasa sarobidy sy ny fanohanana tsy mitsahatra nataon'i CGP Mandimbin'ny Aina Mbolanoro Randriambelo, Talen'ny Kabinetran'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka - Madagasikara.
Ireto mpikambana ao amin'ny Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana dia nandray anjara tamin'ny famolavolaina ity torolalana ity nandritra ny dingana samihafa ny fizotrany : Barbara Bermat - Sekretera Jeneraly, Audrey Olivier-Muralt Sekretera Jeneraly Mpanampy ary Shazeera Zawawi, Mpanolotsaina fototra amin'ny fikarohana sy ny fanavaozana ary mpanao sariitatra mahaleo tena.

Entoana dia tiana ihany ko ny hisaotra an'i Jean Sébastien Blanc sy Anne Lardy ary Jean-Baptiste Nivizurugero mpikambana tato amin'ny Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana fahiny izay niasa nandritra ny taona maro mba hahatonga izao tetikasa izao ho fahombiazana.

Isaorana ihany koa Nadine Kessler tamin'ny asa famolavolana sy ny fandrindrana.

Ny Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana dia misaotra ihany koa ireo mpisehatra sy ireo Polisimpirenena Malagasy izay nandray anjara tamin'ny tetikasa, indrindra tamin'ny fitantanana ny rejisitra ary ny taratasin'ny fanambarana ny zo teny amin'ny Commissariat manodidina an' Antananarivo Renivohitra: CDP Simon Rakotomalala, CPP Jean Marcel Rabenandrasana, CP Ted Stevens Randriamparany, CGP Hajanomena Razatovo, CP James Pizarre Pemba, CP Tsara Razafimanantsoa, CP Tantely Ramamonjisoa, CDP Hector Razafindrazaka, CDP Haminiaina Andrianalison, CP René Roland Andriatianiaina, CDP Jean de Matha Rakotondrasoa, CP Bernicot Ranaivomanana, ary CPP Nivoherifidy Andriamiandra.

Ny Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana dia maneho ny fankasitrahany ny Canton an'i Genève noho ny fanohanana nomeny tamin'ny fanatanterahana ity torolalana ity ary koa tamin'ny fanohanan'izy ireo ny tetikasa mivelatra kokoa momba ny fitanana mialoha eny anivon'ny mpanao famotorana eto Madagasikara sy any Thailande ary Bresil.

Ny Fikambanana misehatra amin'ny fisorohana ny fampijaliana sy ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka dia namokatra izao torolalana izao ampiasaina amin'ny rejisitra ny fitanana mialoha eny anivon'ny mpanao famotorana, ary ny fanambarana ny zo eto Madagasikara. Ireo fitaovana roa ireo dia mifototra amin'ny fampiharana sy ny fiantohana ny zo fototra mandritra ny fitanana mialoha eny anivon'ny mpanao famotorana.

***« Ny antom-pisian'ireo fitaovana roa ireo no miantoka ny fanajana ny zo fototry ny tsirairay ; ireo fepetra ireo ihany koa dia natao ho an'ny tombontsoan'ny fiarahamonina amin'ny ankapobeny, satria izy ireo dia mampitombo ny fitokisana amin'ny andrim-panjakana ary manome lanja ihany koa ny porofo ilaina amin'ny famotorana ; ary manamora ny fahombiazan'ny paik'ady heloka. Toy izany koa, ireo antoky ny zo fototra hafa [...] izay manampy amin'ny fisorohana ny fampijaliana amin'ny alàlan'ny fampihenana ny mety hisian'ny trangana fampijaliana sy famoretana ary ny fandrisihana hampiasa azy io mandritra ny fitanana »***

**Juan E. Méndez**
Mpampiakateny manokan'ny Firenena Mikambana momba ny fampijaliana sy ny sazy hafa na fampiharana habibiana, manohina ny maha-olona na manambany ny maha-olona. (2010-2016), A/71/298, 2016, para. 60.

**ISBN 978-2-940597-23-9**

Fanazavana fanampiny :
www.apt.ch
www.pn.gov.mg